REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-29

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY TALATA 6 MAY 2025 KA HATRAMIN'NY ALAROBIA 28 MAY 2025**

Fivoriana faha-2
Natao ny
Alarobia 7 Mey 2025
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra
- Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana: 86 ; tsy tonga: 77 ; voaala tsiny: 0.

**FOTOANA:** Alarobia 7 May 2025, tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 6 May 2025 ka hatramin'ny Alarobia 28 May 2025.

Nitohy ny Alarobia 7 May 2025, tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra.

Teo ampanombohana, nanao satroka Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, nanamarika ny tenany fa tokony mba ho amin'ny ora voatondro araka ny fandaharam-potoana no hanombohana ny fivoriana; satria raha ny zavatra tsapa hatramin'izay, tara loatra vao atomboka izany.

Manarak'izay, tsy tokony hantsoina tsirairay ny Solombavambahoaka, fa aleo samy manonona ny anarany toy ny teo aloha ihany mba tsy handany fotoana.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa voaray ireo fanamarihana nataon'Andriamatoa Solombavambahoaka teo ireo.

Rehefa izany, samy nanonona ny anarany ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony sady niangavy ny Mpitantsoratra indray hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny Diniky ny Filoha.

Nanatanteraka izany hatrany, Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra, ka toy izao no fivakiny:

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS"**
**NY ALAROBIA FAHA-7 MAY 2025**

Nivory ny Alarobia faha-7 May 2025 nanomboka tamin'ny 11 ora 45 minitra, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia faha-7 May 2025 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata faha-6 May 2025 ka hatramin'ny Alarobia 28 May 2025 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia faha-7 May 2025 amin'ny 3 ora sy sasany, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

**ORDRE DU JOUR**
**Pour la période du <u>Mardi 06 mai 2025</u>** au **<u>Mercredi 28 mai 2025</u>**

**<u>MARDI 06 MAI 2025</u>**

<u>11H 00</u> : **CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA 1ère SESSION ORDINAIRE 2025 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**<u>MERCREDI 07 MAI 2025</u>**

<u>10H 00</u> : Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

<u>11H 00</u> : Conférence des Présidents - (*Salle BP)*

<u>15H 00</u> : **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances)*
Adoption de l'Ordre du jour

**<u>SEANCES PLENIERES</u>**
**(*Salle des séances)***

**<u>JEUDI 08 MAI 2025</u>**

<u>09H 00</u> : Journée de sensibilisation sur les concepts de désarmement et de non-prolifération des armes et des biens à double usage organisée par le Ministère des Forces Armées

15H 00 : Séance de travail de la Commission Juridique avec la Fédération Internationale des ACAT (Actions des Chrétiens pour l'Abolition de la Torture et de la peine de mort)

**LUNDI 12 MAI 2025**

09H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **– *(Salle BP)***

- ***Commission Juridique - (Saisie au fond)***
- **Commission du Commerce - (*Saisie au fond)***
- **Commission de la Santé Publique et du Planning familial - (*Saisie pour avis)***
- **Commission de l'Intérieur - (*Saisie pour avis)***

- PROPOSITION DE LOI n°001-2025/PL sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy, présentée par le Député ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, élu dans le District d'Ambositra

**MARDI 13 MAI 2025**

09H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (***Salle BP***)

- **Commission Juridique (Saisie au fond)**
- **Commission de la Défense Nationale - (*Saisie au fond)***
- **Commission de l'Intérieur - (*Saisie pour avis)***

- PROPOSITION DE LOI n°004-2024/PL Complétant et modifiant l'Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs, présentée par Hyacinthe BEFENO TODIMANANA, Député de Madagascar élu dans le District d'Antsohihy

14H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - ***(Bibliothèque)***

- ***Commission Juridique - (Saisie au fond)***
- **Commission du Tourisme et de l'Artisanat - (*Saisie au fond)***
- **Commission du Commerce - (*Saisie pour avis)***

- PROPOSITION DE LOI n°002-2025/PL portant refonte de la Loi n°2015-054 du 16 décembre 2015, portant Code de l'Artisanat, présentée par RATSIRAKA Sophie Soamiadana, Députée de Madagascar élue à Vatomandry.

**SEANCES PLENIERES**
**(*Salle des séances)***

**MERCREDI 14 MAI 2025**

10H 00 : -PROPOSITION DE LOI n°004-2024/PL Complétant et modifiant l'Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs, présentée par Hyacinthe BEFENO TODIMANANA, Député de Madagascar élu dans le District d'Antsohihy

**JEUDI 15 MAI 2025**

10H 00 : Election du représentant de l'Assemblée nationale au sein de la Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme (CNIDH)

15H 00 : Séance de travail avec la Plateforme de Concertation pour la Filière Riz (PCPRiz) à Madagascar

**VENDREDI 16 MAI 2025**

09H 00 : Séance de travail de la Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques et de la Commission de la bonne gouvernance, de la Transparence, de la redevabilité et de la lutte contre la Corruption avec la Collaboration du Cabinet d'Etudes et de Conseil COEF – Ressources pour la publication des résultats de l'enquête Afrobarometer – Round 10 à Madagascar.

15H 00 : **Séance de travail avec le SAMIFIN sur la lutte contre le financement du terrorisme**

- ✓ **Commission Économie et Finances**
- ✓ **Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques**
- ✓ **Commission de la Bonne gouvernance, de la Transparence, de la redevabilité et de la lutte contre la Corruption**
- ✓ **Commission Juridique**

**LUNDI 19 MAI 2025**

09 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS ***- (Bibliothèque)***

- **Commission Juridique - *(Saisie au fond)***
- **Commission de la Population et de la Solidarité - (*Saisie au fond)***
- **Commission de la Santé Publique et du Planning familial - (*Saisie pour avis)***
- **Commission de la Défense Nationale - (*Saisie pour avis)***
- **Commission de la Sécurité Publique - (*Saisie pour avis)***

- PROPOSITION DE LOI n°005-2024/PL sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka

15H 00 : RENCONTRE - (*Salle BP)*

**Rencontre de la Commission de l'Agriculture et de l'Élevage avec Monsieur le Ministre de l'Agriculture et de l'Élevage**

**SEANCES PLENIERES**
**(*Salle des séances)***

**MARDI 20 MAI 2025**

10H 00 : **Journée consacrée à l'ordre du jour proposé par l'Opposition**

**MERCREDI 21 MAI 2025**

10H 00 : - PROPOSITION DE LOI n°001-2025/PL sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy, présentée par le Député ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, élu dans le District d'Ambositra.

15H 00 : - PROPOSITION DE LOI n°002-2025/PL portant refonte de la Loi n°2015-054 du 16 décembre 2015, portant Code de l'Artisanat, présentée par RATSIRAKA Sophie Soamiadana, Députée de Madagascar élue à Vatomandry.

**MERCREDI 28 MAI 2025**

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent **- *(Salle BP)***

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|---|---|---|
| 01 | TOKELY Justin | Président |
| 02 | MAMANGY Norbert | Vice-Président |
| 03 | SOAFILIRA Princia | Vice-Présidente |
| 04 | NAHARIMAMY Lucien Irmah | Vice-Présidente |
| 05 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | Vice-Président |
| 06 | VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra | Troisième Questeur |
| 07 | RAHOLIJAONA Harson | Rapporteur Général Adjoint |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| **N° d'ordre** | **Commissions** | **Noms & Prénoms** | **Entité** |
|---|---|---|---|
| **01** | Commission Juridique | **RAJOELINA A. Seth** | **IRMAR** |
| **02** | Commission Economie et Finances | **RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard** | **IRMAR** |
| **03** | Commission de l'Intérieur | **MAMINIRINA Jolce** | **IRMAR** |
| **04** | Commission de l'Agriculture et de l'Elevage | **RAZAFINDRABARY Richard** | **IRMAR** |
| **05** | Commission de l'Education Nationale | **ANDRIANASOLO Andrianiaina Jean Patrick** | **IRMAR** |

| | | | |
|---|---|---|---|
| **06** | Commission de la Population et de la Solidarité | **MICHELLE Bavy Angelica** | **IRMAR** |
| **07** | Commission du Tourisme et de l'Artisanat | **TSARADIA Marco** | **INDEPENDANT** |
| **08** | Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunications | **RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie** | **IRMAR** |
| **09** | Commission de l'Energie et des Hydrocarbures et de l'Electrification | **ROCHELIN Houssen** | **INDEPENDANT** |
| **10** | Commission des Travaux Publics | **TSITARA Rojers Osman** | **IRMAR** |
| **11** | Commission du Travail, de l'Emploi et de la Fonction Publique | **ANDRIANIRINA Narcis** | **IRMAR** |
| **12** | Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène | **SAORY Christian** | **INDEPENDANT** |
| **13** | Commission de la Pêche et de l'Economie bleue | **MENAVOLO Alban** | **INDEPENDANT** |
| **14** | Commission des Mines | **RATSIMANDRIONA Aida Hardy** | **IRMAR** |
| **15** | Commission de la Gendarmerie Nationale | **JAOZANDRY René** | **INDEPENDANT** |
| **16** | Commission du Commerce | **RANDRIAMANANTENA Stipio** | **IRMAR** |
| **17** | Commission d'Evaluation des Politiques Publiques | **RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny** | **IRMAR** |
| **18** | Commission du Climat des Affaires, de la Promotion de l'Entreprenariat et des Investissements | **MANASOA Donat Tang** | **IRMAR** |

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

| N° d'ordre | GROUPE PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS |
|---|---|---|
| 01 | IRMAR | RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala |
| 02 | FIRAISANKIANA | RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina |
| 03 | GPRI | ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa |
| 04 | UPAD | RAKOTOSON Hubert |

**Représentants du Gouvernement**

- RAKOTONDRASOAVA Fetra, SG MCC
- ANITTA Léonce, SRI Primature

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny namakiany ny famintinana ny Diniky ny Filoha, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny momba ny volavolam-pandaharam-potoana novakiana teo ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Talohan'izay, nanamarika Andriamatoa Filoha, fa hisy ny fihaonan'ny Parlemanta sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'ny faha-12 sy faha-13 Jona 2025 ho avy izao.

Nomarihany koa fa hiavaka io fihaonana io satria raha taloha, iray andro no nanaovana izany, amin'ity indray hatao roa andro izany. Isaorana ny Praiminisitra nanome izay roa andro izay. Izany no antony tsy nahitana ny fihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta tamin'ity volavolam-pandaharam-potoana ity.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe, nambarany fa misy lamina efa nipetraka momba ny asany, ka tsy afaka hanatrika ny asam-baomiera ny tenany ny Zoma faha-9 May 2025 mikasika ny Tolo-dalàna narosony. Noho izany, nangataka ny hanemorana izany ho amin'ny Talata faha-13 May 2025 izy raha azo atao.

Nanaiky izany fangatahana izany, Andriamatoa Filoha, taorian'izay ary handraisana fanapahan-kevitra avy eo ny momba izay.

Ho an'Andriamatoa MONG MANN Bismark kosa, fanontaniana no napetrany momba ny maha «saisie au fond» hatrany ny «Commission Juridique» rehefa misy fandinihana Volavolan-dalàna na Tolo-dalàna tahaka izao. Inona no mahatonga izany.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa efa fomba fanao tany aloha izany ka averina amin'izao fotoana izao. Ny antony, io Vaomiera io no manana ny traikefa amin'ny fanaovan-dalàna, ka manomboka izao, tafiditra hatrany io Vaomiera io rehefa misy Volavolan-dalàna na Tolo-dalàna dinihana. Fanampin'izay, ny famerenana izany koa no tapaka tamin'ny fivorian'ny Birao Maharitra.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Voamieran'ny Fanaovan-dalàna, nanamafy fa marina izay voalazan'Andriamatoa Filoha, teo izay ka tsy misy ampiana intsony.

Nomarihany koa fa tsy tokony hatambatra andro iray sy ora mitovy ny Alatsinainy faha-12 May 2025 ny fandinihana ireo Tolo-dalàna roa ireo fa aleo hahemotra ny iray. Efa nangatahana tany amin'ny fivorian'ny Diniky ny Filoha izay fanemorana izay kanefa toa tsy niova ihany. Noho izany, mangataka ny hanemorana ny fandinihana ny iray amin'ireo Tolo-dalàna ireo mba hatao ny Talata faha-13 May 2025 satria tsy misy asam-baomiera amin'io andro io.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, nangataka ny hanaovana «huis clos» amin'izay fotoana malalaka amin'ity volavolam-pandaharam-potoana ity ny tenany mba handinihana ny raharaha momba ny Solombavambahoaka raha azo atao.

Nangatahany ihany koa ny handalovan'ny «cahier de charge base Toliara» ato amin'ny Antenimierampirenena satria miteraka resabe eto amin'ny firenena ny mikasika io raharahara io. Nomarihany koa fa tsy tokony ho ny fahefana Mpanatanteraka irery no handray fanapahan-kevitra momba izany. Izay no antony hampandalovana azy ato amin'ny Antenimierampirenena raha mety.
Namaranany ny fitenenany, ny fangatahana ny fahatongavan'ny «Loi de Finances Rectificative 2025» na ny LFR 2025 eto amin'ny Antenimierampirenena ara-potoana ary mba tsy hatao maimaika ny fanolorana izany hodinihan'ny Solombavambahoaka. Izay no fiangaviana ny Birao Maharitra, ka mba ampitao any amin-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola azafady.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa voaray ny fangatahana nataon'Andriamatoa Solombavambahoaka. Manoloana izany, azo antsoina ny Minisitera mifandraika amin'izay voalaza teo raha misy zavatra mahakasika azy ireo ary ny Vaomiera no mikarakara ny momba izay sady afaka manatrika izany koa ny Solombavambahoaka na tsy mpikambana ao anatin'ny Vaomiera mpikarakara aza.

Raha momba ny resaka «huis clos» kosa hoy, Andriamatoa Filoha, taorian'izay; hojerena amin'ny fandaharam-potoana manaraka ny mikasika azy iny.

Nanao satroka, Andriamatoa MONG MANN Bismark ka nomena fitenenana. Fangatahana amin'ny hirosoana amin'ny fandaniana ny volavolam-pandaharam-potoana no teny nataony satria mandeha ny ora.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, fanamafisana amin'ny maha «saisie au fond» hatrany ny «Commission Juridique» no nambarany rehefa misy Volavolan-dalàna na Tolo-dalàna dinihana saingy ny Vaomiera voakasika dia tsy maintsy «saisie au fond» ihany koa. Ny Voamiera sisa kosa «saisie pour avis» ihany.

Momba ny teny nambaran'ny namana teo, efa betsaka ny zavatra voalaza tany amin'ny Diniky ny Filoha, ka anjaran'izay nanatrika fivoriana no mampita izany any amin'ny Solombavambahoaka namany, fa ny nanatrika tao kosa tsy afaka manolotra fangatahana na sosokevitra intsony. Ny Solombavambahoaka hafa no afaka manao izany raha te-hitondra fanovàna momba ity «ordre du jour» ity.

Nanamafy, Andriamatoa Filoha, fa marina ny voalazan-dRamatoa Solombavambahoaka teo. Ny Minisitera voakasika dia tsy maintsy «saisie au fond» foana arakaraka ny zavatra hodinihana ary ny «Commission Juridique» dia «saisie au fond» hatrany rehefa misy Volavolan-dalàna na Tolo-dalàna dinihana araka ny voalaza teo aloha.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMOSA Benjamina Avotraina, fanamarihana no nataony momba ny andininy faha-102 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Telo andro no voalaza ao, kanefa raha ny datin'ny faha-20 May 2025 io dia iray andro ihany no mipetraka eo. Mbola misitraka izay telo andro isam-bolana izay ve aorian'io daty io sa manao ahoana. Nangatahany ny hisitrahana io telo andro io aorian'izao fandaharam-potoana izao raha azo atao.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa voaray ny mikasika izay fangatahana teo izay.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, fangatahana ny hahazoan'ny Solombavambahoaka «version numérique» momba ny Tolo-dalàna sy ny Volavolan-dalàna mialohan'ny fotoana no nataony mba hialàna amin'ny fandinihana maimaika mety hiseho sady mba tsy ho lany andro koa any amin'ny asam-baomiera.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana, nambarany fa mety aminy ny fangatahana nataon'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fanaovan-dalàna amin'ny hanemorana ny fandinihana ny Tolo-dalàna narosony.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nandany; iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 6 May 2025 ka hatramin'ny Alarobia 28 May 2025.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa rahampitso Alakamisy 8 May 2025, amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny fivoriambe mikasika ny "journée de sensibilisation sur les concepts de désarmement et de non-prolifération des armes et des biens à double usage organisée par le Ministère des Forces Armées". Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa fivoriambe ihany momba ny "séance de travail de la Commission Juridique avec la Fédération Internationale des ACAT (Action des Chrétiens pour l'Abolition de la Torture et de la peine de mort).

Niato tamin'ny 5 ora sy 5 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA

TOKELY Justin